**A**ina sy **Fa**monjena ny **Fi**vavahana
**F**ivondronana **E**okaristikan'ny **T**anora
Lot IVG 199 – Porte 38 – CNPC Antanimena
ANTANANARIVO 101
Tél : 22 236 94/ 034 06 262 59/ 033 02 892 13
Email : fet_afafi@yahoo.fr
Siteweb: www.afafi-fet.org

Antananarivo, 9 Oktôbra 2014

Ho anareo :
Ray am-panahy,
Zoky am-panahy,
Birao na Ekipan'ny Diosezy
AFAFI-FET manerana ny Nosy

**Taratasim-pifandraisana : 001/09/10/14**

**«Mba ho ao aminareo ny fifaliako » (Joany 15, 11)**

Afafi ! – FET !

Io teny Fanevan'ny Taon-jôbily iraisan'ny AFAFI-FET maneran-tany sady tenin'i Jesoa tamin'ny Mpianany io no entinay avy aty amin'ny Foibe Nasiônaly miarahaba antsika rehetra Aomônie, Zoky am-panahy, Mpanabe sy ny AFAFI-FET tsy ankanavaka manerana ny Nosy amin'izao fiandohan'ny taom-pikatrohana vaovao 2014 – 2015 izao. Mirary koa izahay raha mirary ny hampitoetra lalandava ao am-pontsika ny fahasoavan'Andriamanitra ka hahafahantsika mijoro ho tena Iraka sy Vavolombelon'i Kristy amin'ny fiainantsika manontolo. Ho taom-pahombiazana ho an'ny AFAFI sy ny FET manontolo anie ity taom-pikatrohana vaovao ity.

Indro àry ny Soridalana hoentintsika miaina mandritra ny taom-pikatrohana vaovao 2014-2015 izay ialohavan'ny « Jery todika » ho an'ny taona lasa iny, ary anomezana antsika ihany ireo vaovao tsara ho fantatra eo anivon'ny AFAFI-FET, na avy eto an-toerana na eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

## 1. Jery todika ny taona lasa

« Ho voninahitra ho an'ny Raiko raha mamoa be ianareo sy tonga mpianatro,… ka mitomoera amin'ny fitiavako ianareo » (Jo. 15, 8.9b). Io no teny Faneva niainantsika AFAFI-FET teto Madagasikara nandritra iny Taom-pikatrohana 2013-2014 lasa iny. Nentintsika teto Madagasikara manokana niomanana tamin'ny Taon-jôbily faha 100 taonan'ny FET maneran-tany sy ireo fankalazana hafa mifanindran-dalana amin'izany io teny Faneva io.

- Hitanay taratra ary tsapanay nandritra ireo fiofanana sy zaikabe natrehin'ny Foibe Nasiônaly fa samy niezaka nampita sy niaina izany ny rehetra ; toraka izany koa ireo nandefa tatitra taty amin'ny Foibe, na avy amin'ny Diôsezy izany na avy amin'ny ekipa fototra, dia samy nanao ezaka nampihatra ny Soridalana. Fisaorana mitafotafo no atolotra antsika Mpanabe isan-tokony amin'ny fampitana sy fampiainana izany amin'ny ankizy sy ny tanora. Tanteraka tokoa ny tenin'i Jesoa araka io teny Faneva io : « Ho voninahitra ho an'ny Raiko raha mamoa be ianareo sy tonga mpianatro ».

- Nisy kosa anefa ireo izay tsy nandrenesana akony mihitsy, kanefa inoanay fa na eo aza izany dia heverinay fa miasa mangina ao anatin'ny fahombiazana izy ireny.
- Taorian'ny Fiofanana Nasiônaly tamin'ny volana Aogositra 2013 dia tsapanay fa nanao ezaka isika tamin'ny fampitana ireo fiofanana azo. Vokatr'izany rehetra izany dia hita ho mitombo ny fahavitrihan'ny Mpanabe sy ny tompon'andraikitra amin'ny fampiroboroboana ny fanabeazana sy ny fiainam-pikambanana. Isaorana be dia be ianareo mpanabe isan-tokony, indrindra ianareo Ray am-panahy.
- Ny lafiny Serasera sy Fifandraisana : Raha nahatsikaritra isika dia niroso bebe kokoa tamin'ny fampiasana ny fifandraisana sy serasera môderina izahay ato amin'ny Foibe (fampiasana ny adiresy mailaka sy ny « internet ») hanafainganana ny fifampitam-baovao. Ny ankamaroan'ny Diôsezy dia efa samy nanokatra izany avokoa. Ezahinay ato amin'ny Foibe ny mandefa vaovao sy ny tsara hofantatra araka izay azo atao amin'io adiresy sy fomba fifandraisana môderina io. Ho an'ireo izay tsy afaka manao izany anefa noho ny antony samihafa, toy ny tsy fisian'ny fitaovana sy ny halaviran-toerana, dia tohizinay hatrany ny serasera amin'ny alalan'ny « Taratasim-pifandraisana ».
- Momba ny gazetim-pikambanana, « Firaisankina sy Hafatro » : Araka ny efa nampahafantarina antsika dia nisedra taon-tsarotra ny gazetim-panabeazana FET nandritra ny Taona 2013. Noho ny fahasoavan'Andriamanitra dia efa niverina izany ny taona 2014. Tsy mbola araka ny andrasantsika anefa, satria noho ny mbola fanavaozana ny asa dia manjary misy ny fahatarana. Eo ihany koa ny fanatsarana eo amin'ny lafiny endrika sy teknika.
- Momba ny Bokim-panabeazana (Torolalana, Miaradia, Fanasina, Iraka): Maro amintsika no mitaraina amin'ny mbola tsy fisiany. Efa manao ezaka izahay aty amin'ny Foibe fa eo amin'ny hoenti-manana no mbola olana mandraka ankehitriny. Raha vao vita kosa anefa dia hampahafantarina antsika avy hatrany.

### 2. Soridalana AFAFI-FET 2014-2015

Indro àry ny Soridalana iombonantsika eto Madagasikara izay noezahina mba hifandraika amin'ny fankalazana eran-tany.

- **Teny Faneva :** mandritra ny fankalazana ny Taon-Jôbily ka mandrapahatongan' ny famaranana eto Madagasikara dia ny Teny Fanevan'ny Taon-Jôbily iraisam-pirenena no iainantsika ka iombonantsika hafaliana amin'ny FET maneran-tany (22 Jiona 2014 – Nôvambra 2015) :

  ***« Mba ho ao aminareo ny fifaliako »*** *(Joany 15, 11)*
- **Soratra Masina :** Tohizana, noho izany, ny fandalinana sy fiainana ny Soratra Masina tamin'ny taon-dasa:
  - ✓ Testamenta Taloha : **Bokin'i Jeremia Mpaminany**
  - ✓ Testamenta Vaovao : **Evanjely nosoratan'i Md Joany**

N.B : Izany akory tsy manakana ny fandalinana sy famakiana ireo Boky hafa na koa ny Baiboly manontolo ; fa ireo no natolotra dia ho an'ny fankalazana ataontsika.

- ✓ Halalinina ireo Boky ireo amin'ny alalan'ny :
  - Sary velona
  - Fifaninanana
  - Fifampizaràna…
- ✓ Amporisihina mihitsy ny ankizy hanana Baiboly samirery na Testamenta Vaovao.
- ✓ Isika Mpanabe kosa dia tsy maintsy hanana Baiboly feno hahafahantsika manabe sy mampita amin'ny beazina ny Tenin'Andriamanitra

Hiezaka araka izay azo atao ny Mpanabe amin'ny fanabeazana omeny mba hahatonga ny mpikambana rehetra hiaina ny hafalian'i Kristy : ny fahaizana mifankatia sy mifamela heloka ary mifandefitra no fototry ny hafaliana entin'ny Evanjely. Tsy ho menatra ny haneho sy hiaina ny Finoany amin'ny fiainany andavanandro, hamokatra sy ho azo tsapain-tanana, ho Voninahitr'Andriamanitra lehibe indrindra, ka ho tena Iraka sy Vavolombelona ary Endrik'i Kristy marina tokoa ho an'ny tontolo manodidina azy.

- **<u>Daty tsara ho fantatra sy hotadidiana momba ireo Fankalazana isan-karazany</u> :** Efa nanomboka tamin'ny 22 Jiona 2014, fetin'ny Sakramenta Masina sady andro eran-tany ho an'ny AFAFI-FET ny taon-jôbily lehibe dia ny fankalazana ny faha-100 taona niorenan'ny FET tamin'ny alalan'ny Kroazady Eokaristika (tany Lourdes Frantsa, tamin'ny 1914), ny faha-170 taonan'ny AFAFI « Apostolat de la Prière » (tany Vals France, tamin'ny 3 Desambra 1844) ary ny faha-95 taonan'ny FET Madagasikara (tao amin'ny Paroasy Faravohitra, tamin'ny 30 Novambra 1919). Tianay ny manampy fankalazana iray, dia ny **faha-150 taonan'ny AFAFI eto Madagasikara** (1864 tao Andohalo izay niara-niditra tamin'ny Finoana teto anivon-tany). Ialana tsiny eto noho ny fanadinoana tamin'ny Soridalana teo aloha.

Taon-jôbily efatra sosona, noho izany, no ankalazantsika AFAFI-FET eto Madagasikara ity taona 2014-2015 ity. Noezahina hifandrindra amin'ny fankalazana maneran-tany araka ny voatondro avy any Rôma izany. Ny Diôsezy tsirairay anefa no hijery raha azony atao ny manaraka ara-bakiteny ireo daty voatondro ireo na tsia. Ny zava-dehibe dia aoka mba hisy fanamarihana ny fankalazana amin'ny Diôsezy isan-tokony araka izay fandaminana ataon'ny Ekipan'ny Diôsezy sy ny Aomônie.

Toy izao àry ireo daty tsara hotadidy :

- ✓ **Mandritra ny vakansy lehibe 2014 sy / na 2015** : entanina ny fanaovana lasy iombonana na Zaikabe.
- ✓ **01 Oktôbra 2014** : Fetin'i Mb Terezin'i Jesoa Zazakely, Mpiaro ny AFAFI-FET maneran-tany
- ✓ **Oktôbra 2014 sy / na Janoary 2015** : Volan'ny asa misiônera ho an'ny FET maneran-tany na « mois missionnaires » . Ny atao amin'izany : Mivoaka ny tanàna na Paroasy misy azy ny FET hitory an'i Jesoa, hampahafantatra ny FET araka izay hita fa maha mety azy, manao fijoroana vavolombelona, asa soa…
- ✓ **31 Oktôbra 2014** : Fara-fandefasana ny « fifaninanan-kira momba ny Taon-Jôbily » aty amin'ny Foibe Nasiônaly.
- ✓ **Alahady 23 Nôvambra 2014, fetin'ny Kristy Mpanjaka** : Ivon'ny fankalazana ireo taon-jôbily efatra sosona ho antsika eto Madagasikara. Ny Sabotsy mialoha izany dia hanaovantsika hetsika iombonana manerana ny Nosy ka «Adoration » na Fitsaohana ny Sakramenta Masina sy fandraisana ny Sakramentan'ny Fampihavanana no hatao.
- ✓ **28 Nôvambra 2014** : ho antsika eto Madagasikara dia fara-fisoratana anarana sy fandoavana ny saram-pisoratana anarana 80 Euros ireo ho any Rôma
- ✓ **15 Desambra 2014 :** Fara-fisoratana anarana any Rôma ho an'ny isam-pirenena
- ✓ **03 Desambra 2014, fetin'i Md François Xavier, Mpiaro ny AFAFI-FET maneran-tany :** Feno 170 taona ny « AFAFI aim-panahy » maneran-tany.

- ✓ **26 Avrily 2015, Alahadin'ny Mpiandry ondry Tsara** : FET sy ny fanentanana ny Fiantsoan'Andriamanitra
- ✓ **07 Jiona 2015 : Alahadin'ny Sakramenta Masina** : Andron'ny AFAFI-FET maneran-tany (100 taona)
- ✓ **31 Jolay – 01 Aogositra 2015** : Fanomanam-panahy sy famondronana ireo Mpivahiny ho any Rôma (mety hisy fiovana ny daty)
- ✓ **4 – 10 Aogositra 2015 :** Fihaonamben'ny FET eran-tany, any Roma
- ✓ **15 – 20 Septambra 2015** : JMJ MADA, any Fianarantsoa
- ✓ **Novambra 2015 :** Famaranana ny fankalazana eto Madagasikara ka ny Diôsezin'Antananarivo no handray izany.

- **<u>Fisoratana anarana ho an'izay ho any Rôma</u> amin'ny famaranana ny faha-100 Taona FET** : Antenaina fa efa samy nahavoaray ny fepetra rehetra momba ny Fisoratana anarana isika tompon'andraikitra rehetra isan-diôsezy ny amin'izay solontena ho any Rôma. Nisy ireo napetraky ny Foibe avy any Rôma izay tsy maintsy arahintsika ; misy koa anefa ireo avy aty amin'ny Foibe Nasiônaly. Raha misy tsy mazava na mampisalasala dia aoka hifandray mivantana aty amin'ny Foibe. Aoka mba ho ara-potoana ny fahatongavan'ny anaran'ireo olona hisolotena ireo miaraka amin'ny saram-pisoratana anarana mba tsy hampisy olana amin'ny fikarakarana ny antontan-taratasy isan-karazany. Marihina fa tsy maintsy vita alohan'ny fisoratana anarana any Rôma ny fisoratana anarana ho antsika eto Madagasikara.
- **<u>Fifampitondrana am-bavaka amin'ny samy diôsezy</u> :** Tohizina hatrany ny fifampitondrana am-bavaka araka ny fifanakalozana natao tamin'ny Fiofanana Nasiônaly farany sy hiezaka hifandray akaiky mandritra ny taona 2015, izany hoe tsy hijanona fotsiny amin'ny fifampitondrana am-bavaka fa ho afaka hifampizara traikefa sy vaovao.
- **<u>Lakroa AFAFI-FET :</u>**

  Tsara ary mahafaly ny mampahafantatra antsika fa manomboka izao, ary efa nanomboka tamin'ny fiandohan'ny Taon-Jôbily teo aza, dia manana ny LAKROA iombonany ny AFAFI-FET maneran-tany. Natao ho an'ny mpikambana rehetra tsy ankanavaka ny Lakroa. Marihina fa raha vao miditra ao anatin'ny Fikambanana ny olona iray dia tokony hanana io LAKROA io. Io no ifankahalalan'ny AFAFI sy ny FET manerana an'izao tontolo izao. Aty amin'ny Foibe Nasiônaly irery ihany no ividianana io Lakroa io mba hisian'ny fitoviana sy ny fiombonana.

  1500 Ariary no tena vidin'ny iray, saingy raha mividy mihoatra ny 50 kosa dia mahazo fihenam-bidy, ka 1400 Ariary ny iray.

  Entanina isika tompon'andraikitra isan-diôsezy hanao ezaka ny amin'izay hananan'ny mpikambana rehetra ny Lakroa AFAFI-FET. Maro tamintsika rahateo no naniry ny hisian'izany Lakroa mampiavaka antsika izany, toy ny Fikambanana hafa. Naniry àry isika ka novalian'i Jesoa ny faniriantsika ary tsy ho antsika eto Madagasikara ihany fa iombonan'ny AFAFI-FET maneran-tany.
- **<u>T-Shirt faha-100 Taona :</u>**

  Misy ihany koa ny T-Shirt faha-100 Taona izay entina hanamarihana izao taon-Jôbily izao. Azonareo hafarana aty amin'ny Foibe Nasiônaly izany araka izay isa ilainareo sy ny refy mifanandrify amin'izany. 5500 Ariary ny an'ny ankizy (6, 8, 10, 12 taona), 6500 Ariary ny lehibe (S, M, L, XL) ary 7000 Ariary ny XXL. Marihina fa mahazo fihenambidy 300 Ariary isaky ny T-Shirt isika raha maka mihoatra ny 50 isa, izay entina indrindra hanohanana ny fikambanana. Mba

hisian'ny fiombonana sy ny fitoviana amin'ny fankalazana ity taom-pahasoavana ity dia sitrakay avy aty amin'ny Foibe ny hampielezantsika ny T-Shirt amin'ireo rehetra maniry hanana izany, indrindra fa ho antsika AFAFI-FET.

- **<u>Logo FET na AFAFI-FET :</u>**

  Raha misy fampiasana ny Logon'ny FET iraisam-pirenena dia aoka mba hilaza mialoha aty amin'ny Foibe mialohan'ny hampiasana azy. Ny Logo AFAFI-FET Nasiônaly, kosa, dia tsy tokony hampiasaintsika fa tsara raha manana ny Logo mampiavaka azy ny Diôsezy tsirairay.

- **<u>Vavaka fanolorana ny andro 2015</u>**

  Efa hivoaka amin'ity faran'ny volana Oktobra ity ny AFAFI 2015. Ireo rehetra mbola tsy nahaloa ny sarany tamin'ny taon-dasa dia entanina mba hanefa izany mba hahafahanareo maka vaovao. Entanina ny isan-diôsezy mba samy hanao ezaka amin'ny fampielezana azy io satria mifototra amin'ny Aina sy Famonjena ny Fivavahana ny fiainam-panahintsika.

### 3. Famandrihana sy fampiasana ny gazetim-panabeazana « ny Hafatro » sy « Firaisankina » :

Mikasika ny vidin'ny Gazety na ny Saram-pamandrihana kosa dia efa nampahafantarinay tamin'ny Soridalana tamin'ny taon-dasa ny fiovany, izay mbola notazomina ihany ho an'ny taom-pamandrihana 2015.

- ✓ *Ny Hafatro* : 1200 ariary isan-taona (miseho in-4)
- ✓ *Ny Firaisankina* : 2400 Ariary isan-taona (miseho in-4)

Amporisihina isika amin'ny fampiasana ny gazety ho anisan'ny fitaovana entina mampivory sy manabe ny ankizy. Ao no ampitana ireo fampianarana sy fanabeazana manampy antsika amin'ny fanabeazana. Tsy ho ary ho hita any anaty Bokim-panabeazana daholo mantsy ny rehetra. **Marihina fa atý amin'ny Foibe Nasiônaly no anaovana ny Famandrihana rehetra**. Ary azo atao ny mividy na manafatra mivantana na dia tsy nanao famandrihana aza, amin'ny fotoana rehetra.

Tiana ny mampahafantatra fa ireo laharana tamin'ity taona 2014 ity dia mbola ho voarainareo avokoa.

### 4. Tatitra isan-taona (taom-pikatrohana 2013-2014) :

Ampahatsiahivina hatrany isika fa isan-taona toy izao no fandefasana ny tatitra isan-diôsezy miakatra aty amin'ny Foibe Nasiônaly. Amin'ny alalan'io tatitra alefanareo io no ahafahanay ihany koa manao tatitra any amin'ireo Eveka Raiamandrenintsika na ny CEM izany, ary koa mankany amin'ny Foibe Iraisam-pirenena any Rôma. Koa iangaviana isika mba handefa araka izay haingana io tatitra io, fara-fahatarany amin'ny faran'ny volana Nôvambra 2015. Toy izao no tokony ho hita ao :

- ny fiaimpiainan'ny Fikambanana sy ny hetsika natao teo anivon'ny Diôsezy
- ny isan'ny mpikambana isan-tsampana, raha azo atao dia isan-distrika sy izay niroso tamin'ny Dingana faha-3. Firy ny isan'ny Mpanabe ? ny Zoky am-panahy ? Firy no isan'ny Fiangonana na Sekoly misy FET. Efa miorina ve ny AFAFI ao amin'ny Diôsezy? Fiangonana firy no misy ?
- Nanao ahoana no niainana sy ny fomba nampiharana ny Soridalana 2013-2014 niainga avy amin'ny Teny Faneva hoe : « Ho voninahitra ho an'ny Raiko ianareo raha mamoa be sy tonga mpianatro…ka mitomoera amin'ny fitiavako ianareo » (Joany 15, 8. 9b)
- Misy ve ny Ekipan'ny Diôsezy na Birao Diôsezy. Raha misy dia alefaso aty amin'ny Foibe ho an'izay mbola tsy nandefa ny azy miaraka amin'ny anaran'ny Aomônie sy ny fomba ahafahana mifandray aminy (Laharana finday, adiresy mailaka raha misy …). Izay tsy mbola manana kosa dia aoka hanangana izany.

- Firy no isan'ny Ekipa fototra na Fiangonana (Sekoly) mamandrika na mividy gazetin'ny FET ; firy no fitambaran'ny gazety fandrihan'ny Diôsezy manontolo ?

**5. Rakitra miakatra :**

Telo taona lasa izay dia nentanina isika mba hanao Rakitra miakatra indray mandeha isan-taona isaky ny Fiangonana misy FET mankatý amin'ny Foibe Nasiônaly. Diôsezy 7 no nanao izany tamin'ny taom-pikatrohana 2011-2012 ; nidina ho efatra izany ny taona manaraka ary tsy nisy afa-tsy Fiangonana vitsivitsy tamina Diôsezy roa tamin'iny taom-pikatrohana 2013-2014 iny. Eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena anefa dia ny isan'ny olona manao latsakemboka no hamantarana ny isan'ny mpikambana ara-dalàna. Mbola sarotra ho antsika anefa hatreto ny manao latsakemboka na « cotisation », ka dia io Rakitra io no hita fa mety, indrindra ho an'ny FET fa ny mpanabe sy ny AFAFI dia afaka manao latsakemboka. Isika rahateo koa anefa tsy maintsy manao adidy eo anivon'ny Fiombonan'ny AFAFI-FET aty Afrika sy Eran-tany ka amporisihin'ny Foibe any Rôma hanao izany. Io fanaovantsika adidy eo amin'ny sehatra Iraisam-pirenena io no ahafahantsika ihany koa avy eo mahazo fanampiana rehefa misy ny Fiofanana Nasiônaly, toy izay nataontsika tany Fianarantsoa farany teo.

**6. Tranokalam-pifandraisan'ny AFAFI-FET Madagasikara :**

Efa azontsika tsidihina ny tranonkalan'ny AFAFI-FET Madagasikara (Siteweb) na dia mbola eo am-panombohana sy am-panatsarana izany aza ny tompon'andraikitra amin'izany. Azontsika atao ny mitsidika ao ary koa ny manolotra sosokevitra ho fanatsarana. Izany dia hotsidihinao amin'ny adiresy : www.afafi-fet.org . Misy koa ny Facebook : apmej-afafifet Madagascar izay fandefasana vaovao.

Izay àry ny hafatrafatra sy ny « Soridalana » ary ny vaovao azo naroso amin'izao fiandohan'ny taom-piktrohana izao, koa dia manantena fiaraha-miasa bebe kokoa sy tsaratsara kokoa hatrany amintsika rehetra izahay aty amin'ny Foibe Nasiônaly. Ho tahian'Andriamanitra daholo isika rehetra.

- Ho ela velona ao am-pontsika anie i Jesoa !
- Mandrakizay !

Ny Aomônie Nasiônaly sy ny Ekipa nasiônaly



P. Odon ANDRIANARISOA sj